A Nanomboka tany an-Danitra ilay fifanandrinana. Ezekiela 28:2, 12-19; Isaia 14:12-14.

- ❖ Ny fanontaniana voalohany mipetraka eto am-pianarana ny ady lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy dia ny hoe: Raha Andriamanitra no namorona ny zavatra rehetra, namorona ny ratsy koa ve Izy?
- ❖ Ny Baiboly dia milaza fa kerobima atao hoe Losifera no niandohan'ny ratsy. Io kerobima io dia nohariana ho tonga lafatra tsy misy faharatsiana na dia kely aza.
- ❖ Nohariana ho tonga lafatra sy malalaka izy, fa izy no nisafidy hanolon-tena ho amin'ny avonavona sy ny faniriana ho toa an'Andriamanitra.

B Tafapaka ety an-Tany. Genesis 3:1-7.

- ❖ Kanefa, nanapa-kevitra ny hino ilay menarana izy fa tsy ny Mpamorona azy. Ary nizara ny fahotany tamin'i Adama!
- ❖ Tafiditra ao amin'ilay ady lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy ny olombelona nanomboka teo, ary nisafidy ny hiandany amin'ny ratsy.
- ❖ Miatrika izany fanapaha-kevitra izany isika isan'andro, hankato sa tsy hankato an'Andriamanitra. Tsy maintsy misafidy ny fiainana na fahafatesana isika.

D Ady any an-Danitra sy ety an-Tany. Apokalypsy 12.

- ❖ Ady any an-danitra (I). Nikomy sy nitarika ny ampahatelon'ny anjely hiaraka aminy i Satana. Voaroaka tany an-danitra izy ireo (and. 4)
- ❖ Ny Fiangonana dia notafihan'i Satana (and. 4)
- ❖ Nandresy Jesosy ary nakarina ho any an-danitra (and. 5)
- ❖ Ady ety an-tany (II). Nazera eto an-Tany Satana (and. 7-9)
- ❖ Nenjehina nandritra ny 1 260 taona ny Fiangonana ka nandositra ho any an-tany “efitra” (and. 6, 14)
- ❖ Miady amin'ny Sisa Satana (and. 17)

E Ilay ady lehibe eo anivon'ny Fiangonana. Apokalypsy 12:13-16.

- ❖ Io faminaniana io dia mandrakotra fotoana eo anelanelan'ny taona 538 sy 1798.
- ❖ Nandritra io fotoana io, ireo izay naniry ny hianatra ny Baiboly sy hivelona araka ny sitrapon'Andriamanitra dia nohenjehina mafy tokoa.
- ❖ Tsy nandao azy ireo velively Andriamanitra. Nanohana azy ireo ny tenin'i Jesosy: “Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.” (Matio 28:20)
- ❖ Isika koa dia tohanan'izany teny fikasana izany isan'andro. Isika dia “mihoatra noho ny mpandresy” ao amin'i Jesosy (Romana 8:31-39)

F Ilay ady farany. Apokalypsy 12:17.

- ❖ Nanomana Sisa mahatoky Andriamanitra avy amin'ilay Fiangonana maneran-tany. Mitandrina ny didin'Andriamanitra izy ireo ary izy ireo no lasibatry ny fanafihana farany ataon'i Satana.
- ❖ Inona no didy tandreman'izy ireo?
- ❖ Nofintinin'i Jesosy amin'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana izany (Matio 22:37-39). Midika ho fitandremana ny didy rehetra eo amin'ny Lalàna izany (Deotoronomia 11:1)
- ❖ Ny Fiangonana Advantista dia nanomboka ho toy ny fihetsehana ara-paminaniana amin'ny Andro Farany (Apokalypsy 10). Ny anarany dia ahitana ireo toetoetran'ny fiangonana sisa.